LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA | MARS - AVRIL 2020 | N° 010

ANNONCES FPMA

En tant que citoyens, les chrétiens participent à la vie de la société. Pour et par notre témoignage, nous devons respecter les mesures prises par les autorités civiles. (Rom 13.1; I Pie 2,17, ...)

Le gouvernement a déclaré l'état d'urgence sanitaire :

- nos déplacements sont limités, y compris vers les lieux de culte, à l'exception des cérémonies funéraires, et dans la limite de 20 personnes (JORF n°0072 du 24 mars 2020, texte n°7),
- nous sommes fortement appelés à observer les premiers gestes barrières.

C'est pourquoi le Comité Permanent, (c'est à dire l'instance qui prend les décisions entre deux Synodes), agissant comme organe suprême de décisions, déclare que :

- l'édition 2020 de la Rencontre Nationale des Tily (RNT 2020) est annulée,
- la décision du maintien en

SUITE PAGE 2

Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra ety an-tany. Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. 4Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin'ny voninahitra ianareo. Kol 3.1-4

Arahabaina nahatratra ny Paska isika mianakavy. Ny Tompo anie hanangana izay efa maty rehetra eo amin'ny fiainantsika tsirairay sy ny fiaraha-monintsika.

Tsy mbola niaina Paska tahaka izao isika hatrizay. Voatery mitoka-monina ny mpianakavy.

Tsy mahazo misokatra ny Fiangonana ary ao an-tokatrano isam-pianakaviana no atao ny Fankalazana ny nitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty.

Isan-tokatrano isika no mandray ny Fanasan'ny Tompo.

Azo inoana fa ao anatin'izao fitokana-monin'ny isam-pianakaviana izao dia samy nanana fotoana hiatrehana ny Tompo isika rehetra.

Afaka nandinin-tena ary nihaino ny feony tamin'ny alalan'ireo fotoana maro nahafahantsika nivakaka sy nifampizara ny Tenin'Andriamanitra.

Antenaina ary hamporisihana ny hanohizantsika izany fandinihan-tena isam-pianakaviana izany mandritra ny fotoana mbola hitohizan'ny fitokana-monina. Ny fanontaniana mipetraka amin'ny maro dia izao: Rahoviana no ho vita ary inona no hitranga aorian'ny fitokana-monina ? Indrindra ho antsika mpanaraka an'I Jesosy Kristy.

Hiverina amin'ny laoniny toa ny tsy nisy na inona na inona ve ny zavatra rehetra? Sa ho lasa soavaly tapa-kofehy ny olona ka tsy hisy fifehezan-tena intsony?

Samy mampalahelo avokoa raha izany no hiseho eo anivon'ny mpianatry ny Tompo.

Ny teny voalahatra ho antsika anio dia samy mana-kambara ny amin'izany fanontaniana izany. Ny Kol 3.1-4 dia milaza ny fitsanganantsika miaraka amin'I Kristy. Milaza fanavaozana izany fiaraha-mitsangana amin'i Kristy izany.

Aina vaovao, fo vaovao, fanahy vaovao, saina vaovao sns....

Mahagaga ny fandaharan' Andriamanitra fa manodidina ny fetin'ny lohataona ny Paska.

Amin'ny lohataona tokoa mantsy dia mandray aina vaovao ny zava-maniry maro. Ny ravi-maintso efa

TOHINY PEJY 2

ANNONCES FPMA (Suite)

2020 ou du report en 2021 de l'édition 2020 du ChoeurUni sera prise en collaboration étroite avec l'AMF, la Paroisse FPMA d'Avignon et la Région Sud-Est.

Portons en prières le monde, en particulier la France, notre nation d'accueil, notre pays Madagascar, la vie de la FPMA dans son ensemble.

Rado Ramarotafika
Secrétaire Général de la FPMA

Télécharger l'Appli FPMA France

DISPONIBLE SUR Google Play

PASKA FANAVAOZANA

(Tohiny)

nihintsana tamin'ny ririnina, dia lasa maniry indray, mitsimoka sy mamelana indray ny hazo maro.

Tsy lavitra an'izany rehetra izany ny **" déconfinement "** raha tao amintsika tokoa Jesosy tao anatin'izay "Fitokana-monina izay".

Tahaka ireo zava-maniry amin'ny lohataona, dia mandray aina vaovao indray isika. Izay efa noheverina ho maty lasa mamelana indray. Tena fitsanganana indray sy fandraisana fanahy vaovao ry Havana ny **"deconfinement "** raha nomentsika ny toerana sahaza azy ny Tompo.

Ahoana no ahazoana milaza izany?

Ny "Fitokana-monina" dia nampianatra antsika zavatra iray fara-fahakeliny:

Niara-nahita sy nahatsapa isika fa misy asa manan-danja antoky ny fiainana. Misy koa asa izay tsy maha fatiantoka na tsy atao aza.

Ny fahafantarana izany dia

TOHINY PEJY 3

FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO ANY AN-TOKATRANO



Mbola ao anatin'ny "confinement" isika mianakavy ka voaterin'ny zava-misy hanao fanao tsy mahazatra antsika loatra mba hikolokoloina ny fiainam-panahintsika. Efa natombontsika ohatra ny Fotoam-mpivavahana amin'ny "Radio" na amin'ny YouTube na ny Zoom na ny ConfCall. Isaorana ny Tompo fa na dia tsy mahasolo ny mifanatrika aza ireo dia hita sy re fa mitondra aim-panahy ho an'ny maro.

Ankehitriny dia handroso amin'ny lafiny hafa indray isika satria handray Fanasan'ny Tompo manomboka amin'ny Alahadin'ny Sampan-drofia izao. Noho izany dia ilaina ny manao ireto fanazavana manaraka ireto.

Ny voalohany amin'ireny dia izao, teo anivon'ny tokantrano iray no nanorenan'ny Tompo ity Fanasana Masina ity. Hoy ny Mar 14.14-16: ***"Ary lazao amin'ny tompon'ny trano izay hidirany hoe: Izao no lazain'ny Mpampianatra: Aiza ny efi-trano hiarahako mihinana ny Paska amin'ny mpianatro? Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana izay voaisy fipetrahana sady voavoatra tsara; any no amboary ho antsika."***

Faharoa manaraka izany dia teo an'ivon'ny tokantrano koa no nanomboka ny fiangonana voalohany. Teo amin'ireo Tokantrano ireo ny vahoakan'Andrimanitra no nandray ny Fanasan'ny Tompo. Hitantsika ohatra izany ao amin'ny Asa 2.46: ***"Ary dia niray saina isan'andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan'ny tempoly ary namaky mofo tao an-trano ka nihinan-kanina tamin'ny fifaliana sy ny fahatsaram-po"***,

Toy izany koa taona maro efa taty aoriana dia mbola hita ao amin'ny Epistily ho an'I Filemona ny toy izao: ***"Paoly, mpifatotra an'i Kristy Jesosy, ary Timoty rahalahy, mamangy an'i Filemona, izay malalanay sy mpiara-miasa aminay, ary mamangy an'i Apia anabavinay sy Arkipo, miaramila namantsika, ary ny fiangonana ao an-tranonao:"*** Tao an-Tranon'I Filemona ny Fiangonana ary tao no natao ny fanompoana rehetra.

Ny fanazavana fahatelo mila resahina eto koa dia ity: ***Tsy manala ny fahamasinan'ny Fanasan'ny Tompo mihitsy ny fanaovana izany ao an-tokatrano sy isam-pianakaviana.***

Noho izany dia ireto misy hafatra vitsivitsy ho antsika izay handray Fanasan'ny Tompo mba hihomanana amin'izany:

1. Zava -masina ny fanasan'ny Tompo ka tsy tokony ho raisina amin'ny Fanahy tsy mendrika hoy ny apostoly Paoly ao amin'ny 1Kor 11.27: ***"Koa na zovy an zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin'ny kapoaky ny Tompo amin'ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny tena sy ny ran'ny Tompo izy"***.

2. Koa toy izao ny fiomanana hataontsika :

TOHINY PEJY 3

Paska fanavaozana (Tohiny)

tokony ho tsapan'ny tsirairay izay niaina ny fitokana-monina.

Misy koa anefa zavatra tena nampianarin'ny Tompo antsika mivantana tamin'ny alalan'ny "Fitokana-monina". **Nampianatra antsika ny Tompo fa tena mana-danja Aminy ny fianakaviana ka notereny hitoka-monina isika nandritra ny herinandro maro.**

Raha mahitsy eo anatrehan'Andriamanitra isika dia ho nahatsapa fa tsy mandeha ho azy izany fiaraha miaina tao an-tokantrano izany fa tena ady.

Ny fitokana-monina dia vao maika nampitombo avo folo heny na mihoatra ny tsy fifampizakana misy teo anivon'ny fianakaviana.

Ny fametrahana ny Tompo sy ny Teniny amin'ny toerana ambony indrindra no mampifanantona ny fon'ny mpianakavy. Asan'ny Fanahy Masina izany.

Izany indrindra no nipetrahan'ny fanontaniana teo am-piandohana hoe hanao ahoana rehefa tapitra ny fitokana-minina? Ho lasa soavaly tapa-kofehy ka tsy hisy fifehezan-tena intsony va isika?

Sa kosa ho tanteraka izay tian'Andriamanitra ho natao tamintsika dia ny hanangana ny tsirairay indray sy ny fianankaviana miaraka amin'ny Jesosy Kristy. Ka ho fianam-baovao sy rivotra vaovao no hivelomana ao an-tokatrano amin'ny andro sisa ahavelomana amin'ity tany fandalovana ity.

Ny Filazantsaran'i Jaona 20, izay anjarantsika anio koa dia manamafy izany rehetra izany. Hoy mantsy ny and1 raha hilaza ny fitsanganan'I Jesosy tamin'ny maty: ***"Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro dia nandeha maraina koa mbola maizimaizina hankany amin'ny fasana Maria Magdalena ka nahita ny vato voaisotra tamin'ny fasana".***

Mamerina antsika any amin'ny Genesisy toko 1 ny teny ampiasain'I Jaona eto: tamin'ny andro voalohany Andriamanitra no nampisaraka ny mazava sy ny maizina raha hanamboatra izao tontolo izao izay tsy nisy endrika sady foana.

Andro voaloany amin'ny herinandro koa Jesosy Kristy no nitsangana tamin'ny maty mba hanavao indray ny fianan'ny zanak'olombemona izay efa tsy nisy endrika intsony satria nanjakan'ny fitiavan-tena sy ny tsy famamarinana ary ny fahalotoana isan-karazany.

Nandresy ny fahafatesana Jesosy Kristy ary niakatra any an-danitra ka mipetraka eo ankavanan'ny Ray.

Hoy ny Kol. 3.3 ***"Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra"***.

Tena marina io ho an'ny mino an'I Jesosy Kristy Mpamonjy. Miafina ao amin'I Kristy ao amin'Andriamanitra ny fianantsika mino. Ny dikan'izany dia izao, miaraka aminao koa izy amin'ny fiainanao ety an-tany. Ao amin'ny tokatranontsika koa Izy hanangana izay efa maty rehetra ao: **Fitiavana, Fahamarinana, Fahamasinana, Fahatokiana** azy.

Izany ny fianam-baovao tiany hiveloman'ny tsirairay sy ny Fiangonana raha vao tonga ny **"DECONFINEMENT"**

Ho amintsika rehetra anie Izy.

Past Seth RASOLONDRAIBE

FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO ANY AN-TOKATRANO (Tohiny)

→ Alaina ny mofo sy ny divay na ny ranom-boaloboka efa novidiana.

→ Alohan'ny hanomananao ny latabatra Masina dia miara-vavaka ianareo ao an-trano ary mangataka famelan-keloka amin'ny Tompo noho ny tsy fahatanterahana ary mifamela heloka koa ny mpianakavy. (Ora iray mialohan'ny fotoana no hanaovana izany)

3. Rehefa vita izany fiomanana am-panahy izany dia izay diakona na izay raiamandreny na izay iray amin'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo ao an-trano no manomana ny Mofo sy ny Kapoaka. Atao isan'ny Mpandray ny mofo sy ny Kapoaka.

4. Ho an'izay mipetraka irery dia tsarovy fa eo aminao ny Tompo ary miombona amin'ny fianakaviana rehetra miara-mandray amin'io andro io ianao.

5. Tehirizina tsara ny ambin'ny divay hanaovana ny manaraka indray

6. Izay raiamandreny no mizara ny mofo sy ny Kapoaka rehefa tonga ny fotoana Fandraisana

Mahavariana ny fandehan'ny fiainan'ny Fiangonana ankehitriny ry Havana. Toa averin'ny Tompo amin'ny tena fototra isika ankehitriny.

Ny fiombonana sy ny firaisana masina eo anivon'ny Fianakaviana no fototry ny firaisan'ny Fiangonana. Izany hoe raha tena manana firaisana sy fifankatiavana ao amin'ny Tompo ny Fianakaviana rehetra ao am-piangonana dia ho mora ny hihainana izany Fiombonana sy Firaisana izany eo amin'ny samy mpino mpiray Fiangonana.

Averin'ny Tompo amin'izany isika ankehitriny ry Havana. Atokan'ny Tompo monina isika Fianakaviana mba hitadiavantsika mafy izany Firaisana izany.

Tena mampalahelo raha eo anivon'ny mpivady sy ny mpianakavy no mbola hisy lainga sy fihatsarambelatsihy na dia efa izao aza ny mahazo ny zanak'olombelona.

Hataon'ny Tompo eo anivon'ny fianakaviantsika tokoa anie izany tena firaisana sy fifankatiavana ao aminy izany.

Homba antsika rehetra ny Tompo.

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE